# Izay nanomana vatsy ho an'ny mpiady amin'ny làlan'I Allah dia efa niady, ary izay nisolo-toerana ny mpiady amin'ny làlan'I Allah tamin'ny tsara dia niady

Tatitra azo avy tamin'i Zaid Ibn Khalid (R.A) niteny ny Mpaminany (S.A.W) hoe : "Izay nanomana vatsy ho an'ny mpiady amin'ny làlan'I Allah dia efa niady, ary izay nisolo-toerana ny mpiady amin'ny làlan'I Allah tamin'ny tsara dia niady."
[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa izay nanomana vatsy ho an'ny olona handeha hiady amin'ny làlan'I Allah sy izay tsy maintsy ilainy toy ny fitaovam-piadiana, fitaingenana, sakafo, fandaniana ary zavatra hafa; Mitovy lanja amin'ny mpiady izy, ary mahazo ny valisoa azon'ireo mpiady. Ary izay mitantana ny raharahan'ny mpiady amin'ny tsara, ary misolo-toerana azy eo amin'ny fikarakarana ny ankohonany mandritra ny fotoana tsy maha eo azy, dia sahala amin'ny mpiady no hitsarana azy.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee